

izao ity ary fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy" (F&F 59:23).

Mba hampianarana amipahombiazana kokoa *ny zavatra mikasika ny fabamarinana*, dia zavadehibe ny mahatakatra fa ankoatra ny fanomezana fampahalalana dia tokony hamorantsika ny fahatakarana ny fanambarana. Amin'izay dia banana faniriana hahafantatra manokana ireo fitsipika ireo ilay olona ampianarina.

Nambaran'ny Tompo tamin'i Hyrum Smith, tamin'ny alalan'ny rahalahiny, dia ny mpaminany Joseph Smith izao:

"Hanomezako ny fanahiko ianao, izay hanazava ny sainao, izay hameno fifaliana ny fanahinao.

"Ary amin'izay no hahafantarao . . . ny zavatra rehetra irianao Amiko, izay mikasika ny zavatry fahamarinana, amin'ny finoana rehefa mino Ahy fa handray izany" (F&F 11:13–14).

Ho famaranana dia mampitandrina antsika ny soratra masina momba ny loza avy amin'ny fahafatesana mifandray amin'ny zavatra mikasika ny fahamarinana ary ny voka-dratsin'izany ho an'ireo izay efa nohazavain'ny Fanahin'Andriamanitra ka lavo ao anatin'ny fahotana sy fandikan-dalàna.

ny zavatra mikasika ny fabamarinana dia lafiny iray tena manan-danja eo amin'ny fanampania ny olona hahafantatra ny fahamarinana, sy hiova fo ary hitoetra ho mafy orina ao amin'ny finoana an'i Kristy hatramin'ny farany.

Manana andraikitra masina hampianatra ny zanany momba ireo *zavatra mikasika ny fabamarinana* ny ray aman-dreny. Ny mpitarika sy ny mpampianatra dia afaka miahysy mamahana ny mpikambana izay iandraiketany ary mampianatra azy ireo amim-pahazotoana ireo *zavatra rebetra mikasika ny fabamarinana*.

Ho tontosa amim-pahombiazana kokoa izany raha toa ka hamoraina ny fahatakarana ny fanambarana mandritra ny fampianarana, izay hampisy faniarianao ao anatin'ny olona ny mba ho hazavain'ny Fanahy. Amin'izay raha mampihatra ny finoana izy ireo dia afaka mampahafantatra azy ireo *ny zavatra mikasika ny fabamarinana* ny Fanahy. Ny amin'ireo zavatra ireo no ijoroako ho vavolobelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen**

Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

## Mba Tantarao Ahy Ireo Tantaran'i Jesoa

*Ny finoan'ny tenany manokana matanjaka kokoa an'i Jesoa Kristy dia hanomana [ny zanakareo] amin'ireo fanamby izay azo antoka fa tsy maitsy batrehiny.*

**R**ehefa asaina mandray fitenenana any amin'ny fiafaran'ny favoriana faran'ny fihaonambe ianao dia mihaino amin'ny antsipiriany ianao sady miahiahoe inona ao amin'ny lahateniao izao no hisy hilaza alohan'ny hahatongavan'ny anjaranao. Tsy misy ny lohahevitra asaina resahaha na fiarhana mifandinika lohahevitra. Ny fomban'ny Tompo mazava ho azy no tena tsara indrindra foana. Raisiny ny ezaka manokana ombam-bavaka nataon'ny mpandahateny tsirairay ary alaminy ho lasa amboaram-peonkira feno fanambaranay sy hery. Lohahevitra miverimberina, fitsipika iray miorina eo amin'ny fitsipika iray, fampitandremana arapaminaniana, fampantanenana mitondra hery—ny firindrana masin'izany dia fahagagana! Mijoro ho vavolobelona aho fa nandritra ity fihaonambe ity dia naheno sy nahatsapa ny eritrerity ny Tompo sy ny sitrapony isika.

Ny Filoha Thomas S. Monson dia namaritra ny tanora vao misondrotra ho toy ny tanora "tena tsara indrindra hatramin'izay"<sup>1</sup> ary nilaza tamin'ireo tanorantsika hoe: "Tonga eto an-tany ao anatin'ny fotoana tena manan-danja ianareo. Tsy manam-petra ireo zavatra azo atao miseho eo anoloanareo."<sup>2</sup> Saingy nampitandrina koa izy

hoe: "Napetraka teto an-tany ao anatin'ny vanimpotoana ahitana fikortanana isika."<sup>3</sup> "Fotoana ahazoana manao izay tiana atao izao, miaraka amin'ny fiaraha-monina izay amin'ny ankabopeny efa zatra tsy miraharaha sy tsy manaja ny lalàñ'Andriamanitra."<sup>4</sup> Voahodidin'ny zavatra tena maro natao mba hanodikondinana ny saintsika isika. "Ilay fahavaloo dia mampiassa ny fomba rehetra mba handrebirebena antsika hiditra ao amin'ny tranokalan'ny famitahany."<sup>5</sup>

Tompon'andraikitra amin'ireo tanora vao misondrotra isika. Tonga eto an-tany miaraka amin'ny andraikitra manan-danja sy hery ara-panahy lehibe izy ireo. Tsy tokony hataontsika tsotsotra ny fanomanana azy ireo. Ny fanamby miandry antsika amin'ny maha-ray aman-dreny sy mpampianatra antsika dia tsy hoe manorina ny toetry ny ara-panahy ao am-pony fa kosa mampiredareda ilay lelafon'ny toetry ny ara-panahy ao aminy izay efa nirehitra tamin'ny alalan'ny afon'ny finoany tany amin'ny fiainana talohan'ny naha-terahanana.

Amin'ity tolakandro ity, dia tiako ny hanamafy ny fangatahan'ny ankizy kely iray avy ao amin'ny hiran'ny Kilonga anankiray:

*Mba tantaraao aby ireo tantaran'i*

*Jesoa, izay tiako benoina.  
Ireo zavatra izay bo nasai  
nambarany tamiko, raba  
tety izy.<sup>6</sup>*

Eto amin'ity izao tontolo izao misy antsika ity ankehitriny, dia mila ny fiovam-pony manokana ao amin'ny fahamarinana ny ankizy tsirairay sy ny zavotolahy sy zatovovavy tsirairay. Ny tsirairay dia mila ny fahazavany manokana sy ny finoany manokana an'i Jesoa Kristy izay "miorina mafy sy tsy miova"<sup>7</sup> ary tsy miankina amin'ny ray aman-dreny sy ny mpitarika ny tanora ary ireo namana mpanohana.

Ny tantaran'i Jesoa dia afaka manampy amin'ny fampitomboana ny finoana ao am-pon'ireo zanatsika. Hoy i Jesoa hoe: "Izaho no lalana sy fahamarinana azy fiainana."<sup>8</sup> Ny tantaran'i Jesoa rehefa averimberina tantaraina dia mitondra finoana an'i Jesoa Kristy Tompo ary mampatanjaka ny fototra iorenan'ny fijoroana ho vavolombelona. Mbola misy fanomezana sarobidy hafa azonareo eritreretina ho an'ny zakakareo mihotra noho izany ve?

Moa ve tafalatsaka ao an-tsaina sy ao am-pon'ireo zanatsika ny fiainana sy ny fampianaran'i Jesoa Kristy? Moa ve izy ireo mba mieritreritra ny fiainan'ny Mpamonjy rehefa mba mieritreritra izay tokony hataony eo amin'ny fiainany manokana? Hanan-danja bebe kokoa hatrany izany ao anatin'ireo taona ho avy.

Moa ve ireo zanatsika efa nahita sary an-tsaina ilay filankevitra talohan'ny nahaterahana,<sup>9</sup> izay nanambaran'i Jesoa—ilay Avo indrindra—hoe: "Inty Aho, iraho Aho"?<sup>10</sup> Moa ve izy ireo mahita ny fahavononany hanompo ka hanaraka ny ohatra nasehony?

Mba mieritreritra momba ny fahaterahany tamim-panetrentena<sup>11</sup> ve izy ireo? Ilay Mpamonjy an'izao tontolo izao izay "nandry teo amin'ny fihinanam-bilona."<sup>12</sup> Moa ve ny toe-javatra niaimany mba manampy azy ireo hahatakatra tsara kokoa ny toerana tokony hisy ny fananana harena?

Moa ve izy ireo mahafantatra fa i Jesoa dia nampianatra matetika hoe: "Koa mangataha dia handray ianareo"?<sup>13</sup> Moa ve ireo vavaka feno fisaorana<sup>14</sup> nataony tamin-dRainy<sup>15</sup> sy ny



fitalahoany mba mikoriana ao anatin'ny sain'ireo zanantsika rehefa mandohalika izy ireo mba hivavaka miaraka amin'ny olan'izy ireo manokana?

Moa ve efa nolazaintsika tamin'izy ireo ny fitiavan'i Jesoa ny ankizy sy ny namihinany azy ireo teny an-tsandriny ary ny vavaka nataony ho azy ireo sy ny nitomaniany?<sup>16</sup> Moa ve fantatry ny zanatsika fa i Jesoa dia vonona ka mijoro "mamelatra ny sandriny mba handray [azy ireo]"?<sup>17</sup>

Moa ve izy ireo mahazo hery avy amin'ny tantaran'i Jesoa izay nifady hanina<sup>18</sup>—rehefa mampianatra azy ireo momba ny lalàn'ny fifadian-kanina isika?

Ao anatin'ny fotoana maha manirey azy, moa ve fantatry ny zanantsika ny faniry tsapan'ny Mpamonjy rehefa nandao Azy ny namany ary rehefa nanontany ny Apôstoliny Izy hoe: "Ianareo koa va mba te-hiala?"<sup>19</sup>

Efa nahatsapa ny herin'ireo fahagagna nataon'ny Mpamonjy ve ny zanantsika? Nanasitrana ny boka<sup>20</sup> i Jesoa ary nampahiratra ny jamba.<sup>21</sup> Namahana olona 5000 Izy,<sup>22</sup> ary nampitony ny ranomasina<sup>23</sup> sy nampitsangana an'i

Lazarosy tamin'ny maty.<sup>24</sup> Moa ve ny zanantsika mino fa "amin'ny finoana no anaovana ny fahagagana,"<sup>25</sup> ary moa ve izy ireo mba mivavaka ny hahita fahagagna eo amin'ny fiainany manokana?

Moa ve ny zanantsika efa nahazo herimpo avy tamin'ireo tenin'ny Mpamonjy izay nataony tamin'ny mpanapaka ny synagoga manao hoe: "Aza matahotra, minoa fotsiny ihany."<sup>26</sup>

Moa ve ny zanantsika mahafantatra momba ilay fiainany tonga lafatra,<sup>27</sup> sy ny asa fanompoana nataony tamimpitiavana ary ny famadihana Azy sy ny fanomboana Azy<sup>28</sup> tamin'ny fomba mahatsiravina teo amin'ny hazo fijaliana? Moa ve efa njoro ho vavolombelona tamin'izy ireo momba ny fahamarinan'ny Fitsanganany tamin'ny maty isika,<sup>29</sup> na momba ny famangiany an'ireo Nefita tany Amerika<sup>30</sup> ary ny fisehoany tamin'ny Mpaminany Joseph Smith tao amin'ilay Ala kely Masina?<sup>31</sup>

Moa ve manantena ny fiverenany amim-boninahitra izy ireo, rehefa ho voalamina tsara daholo ny zavadrehetra ary handohalika sy hiaiky daholo ny rehetra fa i Jesoa no Kristy?<sup>32</sup>

Moa ve ny zanantsika mba miteny

hoe: "Mba tantarao ahy ireo tantaran'i Jesoa, izay tiako henoina?"<sup>33</sup>

Ho an'ny zatovo sy ny ankizy: Ataovy izay hahatanerahanareo araka ny tokony ho izy ireo andraikitra lehibe nomena anareo sy hampiasanareo araka ny tokony ho izy ny hery arapanahy lehibe anananareo. Miezaha ny hahafantatra bebe kokoa an'i Jesoa ary sokafy ny soratra masina. Ny hevitra iray dia ny hamakianareo indray ny bokin'i Jaona ary avy eo iaraho midinika amin'ny ray aman-dreninareo sy ny mpampianatra anareo na ianareo samy ianareo izany.

Ny torohevitro ho an'ny ray sy reny, raibe sy renibe ary ireo tsy niteraka, izay mikolokolo amim-pitiavana ny ankizy sy ny zatovo dia hoe miresaha matetitetika kokoa momba an'i Jesoa Kristy. Misy hery ara-panahy lehibe ao anatin'ny anarany masina. "Tsy [misy] anarana hafa omena na lalan-kafa na

fomba . . . izay mety hahatongavan'ny famonjena amin'ny zanak'olombelona, afa-tsy ao Aminy sy amin'ny alalan'ny anaran'i Kristy ihany."<sup>34</sup>

Ho an'ireo reny ankehitriny izay mikarakara irery ny zanany fa tsy misy ray ao an-tokantrano, mampanantena anareo aho fa rehefa miresaka momba an'i Jesoa Kristy ianareo dia hahatsapa ny herin'ny lanitra hitahy anareo ianareo.

Taorian'ny nahafatesan'ny vadiny dia nitaiza irery ny zanany kely anankitelo (tao anatin'izany ny Loholona Dallin H. Oaks<sup>35</sup>) tamin'ny nahe vehivavy mananotena azy Rahavavy Stella Oaks. Nilaza izy indray mandeha hoe: "Nomena fahafahana ny tenako hahafantatra fa tia ahy ny Tompo ary hahatontosa ny asa nanirahana ahy aho. Nahatsapa ho voahodidin'ny fitiavana aho . . . [ary nahafantatra] fa izy dia [hanohana anay] amin'ireo olana izay [mety] hitranga."<sup>36</sup>



Manao antso manokana ho an'ireo ray aho: Aoka re ianareo mba handray anjara lehibe eo amin'ny firesahana amin'ny zanakareo momba ny Mpamony. Mila fanehoana feno fanamafiana ny finoanareo izy ireo miaraka amin'ny an-dreniny.

Na dia misy fotoana aza tsy mihaino amin'ny fo tanteraka ny zaza dia hitoetra ao an-tsainy sy ao am-pony ny fijoroana ho vavolombelonareo. Tadidinareo ve ny tantaran'i Almà izay nisafidy ilay lalan-diso? Rehefa niverina izy dia nilaza hoe:

"Nahatsiaro . . . ny raiko aho [niresaka] . . . momba ny fiafian'i . . . Jesoa Kristy, . . . hanonitra ny fahotan'izao tontolo izao.

"Raha nifantoka tamin'izany eritreritra izany ny saiko, dia nihika tao am-poko aho hoe: Ry Jesoa ô, Ianao Ilay Zanak'Andriamanitra, mamindra fo amiko."<sup>37</sup>

Raha toa ka tsy mihaino ny zaza iray dia aza kivy. Eo anilanao ny fotoana sy ny fahamarinana. Amin'ny fotoana mahamety azy dia hiverina toy ny avy any an-danitra mihitsy ny teninao. Tsy hiala velively amin'ny zanakao ny fijoroana ho vavolombelonao.

Rehefa miresaka amim-panajana momba ny Mpamony ianao—any anaty fiara na anaty fiara fitaterambahoaka na eo am-pisakafoanana na rehefa mandohalika hivavaka, na mandritra ny fandalinana ny soratra masina, na mandritra ny resadresaka atao amin'ny alina—dia hiaraka amin'ny teninao ny Fanahin'ny Tompo.<sup>38</sup>

Rehefa manao izay tsara indrindra vitanareo ianareo dia ho tafiditra tsimoramora ao am-pon'ny zanakareo ny fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa. Hanatona ny Rainy any an-danitra ao anatin'ny vavaka feno fanetren-tena izy ary hahatsapa ny fitarihany amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Ny finoan'ny tenany manokana matanjaka kokoa an'i Jesoa Kristy dia hanomana azy amin'ireo fannamby izay azo antoka fa tsy maintsy hatrehiny.<sup>39</sup>

Nifankahafantatra tamin'i Bill Forrest sy Debbie Hutchings aho fony mpianatra tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young izahay. Vao niverina avy nanao asa fitoriana i Bill. Nifankatia izy sy i Debbie ary nivady tany amin'ny

Tempolin'i Oakland, Californie. Nanorina ny tokantranony tany Mesa, Arizona izy ireo ary niteraka dimy lahy sy roa vavy. I Bill sy i Debbie dia nampianatra ny zanany mba hitia an'i Jesoa Kristy Tompo toy ny nitiavany azy ireo. Hoy Rahalahy Daniel Forrest, zanak'izy ireo, izay manao asa fitoriana any amin'ny Misiônan'i Oaxaca Mexique amin'izao fotoana izao hoe: "Isamaraina ary tsy tapaka mihitsy dia eo ambony latabatra izahay namaky sy nandalina ny soratra masina alohan'ny handehanana hianatra."

Ny zanany vavy, Kara, izay manambady ary manan-janaka roa dia mbola mahatsiaro tsara ny fanateran-drainy azy amin'ny fiara hanatanteraka ireo asa atao vao maraina any an-tsekoly. Hoy izy hoe: "Tian'ny raiko ny manao tsianjery ireo tenin'olona na soratra masina na tononkalo [ary mandritra ireo fandehanana amin'ny fiara vao maraina ireo] dia miezaka ny manao tsianjery izany izahay." Ny iray amin'ireo soratra masina tena tiany dia ilay hoe: "Tsarovy, tsarovy fa eo amin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo; ka rehefa handefa ny rivo maheriny ny devoly, . . . dia tsy hanan-kery aminareo [izy] mba hisintona anareo hidina . . . , noho ilay vatolampy izay iorenanareo."<sup>40</sup>

Ny Zoma talohan'ny Alahadin'ny Paska tamin'ny taona 2000, izany hoe 10 taona lasa katroka izay, dia evenkan'ny Paroasin'i Estate Groves tany Arizona i Bill Forrest. Teny an-dalana ho any am-piasany, izay 1,6 km monja avy eo amin'ny tranony dia nodomin'ny kamiao lehibe mpitondra vatokeley ny flarany. Niala tao an-trano fotoana fohy taorian'i Bill i Debbie sy ny zanany ary nanatri-maso tamin'ny fomba tsy nampoizina ilay zava-doza nitranja. Maty tao anatin'ilay loza i Bill. Ilay fanahy tsy mety matin'ity vady sy ray malala ity dia nalaina tampoka hody any amin'Ilay nandresy ny fahafatesana, ilay Zanak'Andriamanitra izay handeha ho ankalamain'izy ireo tamini'izay Alahadin'ny Paska izay ny Fitsanganany tamin'ny maty tamimboninahitra.

Ahoana no fomba nahitan'i Debbie sy ny zanany fito (dimy taona ny



farany indrindra) ilay hery nilainy? I Kara, izay 15 taona tamin'ny fotoana nitrangan'ilay loza nihatra tamin-drainy no niteny tamiko vao haingana hoe: "Feno fankasitrahana ny [reniko sy ny raiko] aho noho ny fomba nampianaran'izy ireo ahy [momba ny Mpamonjy]. Niara-namaky ny soratra masina tamiko izy ireo, sy niara-nivavaka tamiko ary ohatra teo amin'ny fiantrana sy fitiavana ary faharetana nananan'ny [Mpamonjy] . . . Fotoana tena tsara eo amin'ny fainanako ny Paska isan-taona, rehefa mandnika ny fainana sy ny asa nanirahana ny Mpamonjy antsika aho ary ny Fitsanganany tamin'ny maty sy mahatsiaro ny fainan'ilay raiko teto an-tany."

Hoy Rahalahy Daniel Forrest hoe: "10 taona aho tamin'ny raiko maty. Fotoana tena mafy izany . . . Ny reniko dia ohatra lalandava teo amin'ny fampianaran'ny Mpamonjy. Izaho dia mitondra ilay mari-pamantarana eo amin'ny tratra misy ny anaran-draiko fony izy nanao asa fitoriana tany Espagne. Ny [roa] amin'ireo teny filazan-draiko teny tiako dia ny [hoe]: "Tsy afaka manao na inona na inona ny olona roa raha tsy ny Tompo ny iray amin'izy ireo" ary "Ny Mpamonjy no tokony ho fototra iorenantsika. Raha tsy misy izany dia ho sahirana isika."

Ny Finoana an'i Jesoa Kristy dia nameno ny fon'ireo zanaky ry Forrest. Amin'izao faran'ny herinandron'ny Paska izao, dia 10 taona izay no nahafatesan-drainy ary malahelo mafy azy izy ireo, nefy ny fanindronan'ny

fahafatesana dia "efa voatelia ao amin'i Kristy."<sup>41</sup> Fantatr'izy ireo fa noho ilay fanomezana tsy takatry ny saina avy amin'ny Mpamonjy dia afaka hiaraka amin'ny rainy eto an-tany sy ny Rainy any an-danitra indray izy ireo.

Mba tantaraeo ahy ireo tantaran'i Jesoa.

Handre ny mpaminanin'Andriamanitra isika aoriana kely ao. Raha niresaka momba ny mpaminaniny ny Tompo dia nilaza hoe: "Fa ny teniny dia horaisinareo toa ireny avy amin'ny vavako ireny."<sup>42</sup> Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Filoha Thomas S. Monson no mpitondra tenin'ny Tompo eto ambonin'ny tany.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa no Kristy ary Mpamonjy ny olombelona rehetra. Ny Fainany sy ny Sorompanavotany ary ny Fitsanganany tamin'ny maty sy ny Fiverenany izay andrasana fatratra dia misy ary azo antoka toy ny fiposahan'ny masoandro. Hankalazaina mandrakizay mandrakizay ny anarany.<sup>43</sup> Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, "Constant Truths for Changing Times," *Liabona*, Mey 2005, 19.
2. Thomas S. Monson, "May You Have Courage," *Liabona*, Mey 2009, 123–27.
3. Thomas S. Monson, "Examples of Righteousness," *Liabona*, Mey 2008, 65–68.
4. Thomas S. Monson, "Closing Remarks," *Liabona*, Nôvambra 2009, 109–10.
5. Thomas S. Monson, "Until We Meet Again," *Liabona*, Mey 2009, 112–14.
6. "Raconte moi les histoires de Jésus," *Chants pour les Enfants*, 57.
7. Almà 1:25.
8. Jaona 14:6.

9. Jereo Abrahama 3:2–28.  
 10. Abrahama 3:27.  
 11. Jereo Lioka 2.  
 12. Jereo Lioka 2:7.  
 13. 3 Nefia 27:29.  
 14. Jereo Lioka 10:21.  
 15. Jereo Lioka 11:2–4.  
 16. Jereo 3 Nefia 17:11–24.  
 17. Môrmôna 6:17.  
 18. Jereo Lioka 4:1–13.  
 19. Jaona 6:67. Raha niresaka tamin'ireo zatovo ny Filoha Monson dia nilaza hoe: “Ianareo . . . dia ho antsoina mba hiaro ny zavatra inoanareo. Raha tsy miorm-paka tsara ny fijoroanareo ho vavolombelona dia ho saro-tra ho anareo ny hahatohitra ny fanaraban’ireo izay manohitohina ny finoanareo” (*Liahona*, Mey 2009, 126).  
 20. Jereo Marka 1:40–42.  
 21. Jereo Lioka 18:35–43.  
 22. Jereo Marka 6:34–44.  
 23. Jereo Marka 4:35–41.  
 24. Jereo Jaona 11:8–53.  
 25. Môrôna 7:37.  
 26. Marka 5:36.  
 27. Jereo 1 Petera 2:21–25.  
 28. Jereo Lioka 22:47–48; 23:32–46.  
 29. Jereo Jaona 20:11–23.  
 30. Jereo 3 Nefia 11–26.  
 31. Jereo Joseph Smith—Tantara 1:17.  
 32. Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:104.  
 33. “Raconte-moi les histoires de Jésus.”  
 34. Môsià 3:17.  
 35. Indrya mandeha ny Loholona Dallin H. Oaks dia nilaza izao: “Fony ankizilahy kely dia nandany ny ankamaroan’ny fotoana isan-kariva tamin’ny famakiana boky aho. Ny iray tamin’ireo boky tena tiako dia ilay *Hurlbut’s Story of the Bible* . . . , boky [iray] ahitana tantara 168 avy ao amin’ny Baiboly. Tiako ireo tantara ireo ary vakiako matetika izany” (“Bible Stories and Personal Protection,” *Ensign*, Nôv. 1992, 37).  
 36. Stella Oaks, “Thy Will Be Done,” ao amin’ny Leon R. Hartshorn, natambatra ao amin’ny, *Remarkable Stories from the Lives of Latter-day Saint Women*, boky roa (1973–75), 2:184.  
 37. Almà 36:17–18.  
 38. Eto amin’izao tontolontsika izao ankehitriny dia mila mihoatra noho ny taloha ny tenin’i Enôsa momba ny rainy mba ho te-nin-janatsika momba antsika isika: “Ny teny izay efa reko matetika notenenin-draiko momba ny fiafinana mandrakizay . . . dia ta-falatsaka lalina tao am-poko. Dia mosarena ny fanahiko; ary nandohalika teo anoloan’ny Mpango ahy aho” (Enôsa 1:3–4).  
 39. Nampanantena ireo zatovo ny Filoha Monson hoe: “Rehefa miorm-paka tsara ia-nareo dia hisy fiantraikany amin’ny zavatra rehetra hataonareo mandritra ny fiafinareo ny fijoarana ho vavolobelonareo momba ny filazantsara sy momba ny Mpamony ary ny momba ny Raitsika any an-danitra. . . . Hiaro anareo ny fijoarana ho vavolobelonareo rehefa kolokoloina tsy tapaka” (*Liahona*, Mey 2009, 126).  
 40. Helamâna 5:12.  
 41. Môsià 16:8.  
 42. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:5.  
 43. Jereo Almà 26:12.



Nataon’ny Filoha Thomas S. Monson

## Teny Famaranana

*Ny hazavana mitari-dalana avy amin’ny Tompo dia mampita hafatra mora fantarina ary tsy mamitaka na oviana na oviana.*

**T**ena nahafinaritra ity favoriana famaranana ity. Mahalana no nahe-noako lahateny tena tsara izay nampianarina tao anatin’ny teny fohy toy ny hitantsika androany. Eto daholo isika satria tia ny Tompo. Te hanompo azy isika. Mieritreritra antsika ny Raitsika any an-danitra. Mijoro ho vavolobelona amin’izany rehetra izany aho. Mankasitraka ny tanany aho amin’ny zavatra rehetra.

Soratra masina iray fohifohy:  
 “Matokia an’i Jehovah amin’ny fonaio rehetra, Fa aza miankina amin’ny fahalalanao

“Maneke Azy amin’ny alehanao rehetra, Fa Izy handamina ny lâlanao.”<sup>1</sup>

Izany no tantaran’ny fiainako.

Ry rahalahiko sy rahavaviko malala, tonga eo amin’ny famaranana ity fihambambe tena faran’izay nanome hery sy nanainga fanahy ity isika. Taorian’ny fihamoana ireo torolalana sy fijoroana ho vavolobelon’ireo izay niteny tamintsika, dia mino aho fa tena manankarem-pitahiana isika ary tena manana fahavononana kokoa hiaina ny fitsipiky ny filazzantsaran’i Jesoa Kristy. Tena tsara tamintsika no tonga teto. Maneho fankasitrahaha ireo olona tsirairay izay niteny tamintsika izahay, ary koa ireo nanao ny vavaka.

Tena kanto tokoa ny hira. Tsaroako ny soratra masina hita ao amin’ny

